Tia Tanindrazana

## 14EME MARATHON INTERNATIONAL DE TANA

# Noverezin'ilay kenianina Kipkourir i Haja

Tamin'ny andiany roa nisesy tamin'ny "Marathon International de Tana" izay no namotsotra ny lah-1 isika Malagasy. Teratany Kenianina, toy ny tamin'ny andiany faha-13 tamin'ny 2012 no nahazo ny lah-1 dia i Sammy Kibet Kipkourir. 2.25.24 no fotoana nahavitany ny halavirana 42,195km. "Tsy nananosarotra ny fifaninanana tamiko... Efa zatra fifaninanana goavana aho, efa niatrika ny marathon tany Maraoka, Alemaina, Thailand,..." hoy i Kipkourir izay marihina fa tsy anisan'ireo tena sangany ao anatin'ny top50 any aminy akory. Vao niainga 2km teo amin'ny fiaingana dia efa nilaozan'ilay Kenianina io ireo mpihazakazaka malagasy. Toy ny tamin'ny andiany teo aloha dia nionona tamin'ny lah-2 ilay sangany malagasy, Andriamparany Hajanirina izay tara 3 minitra taty aoriana (2.25.24). Tsiahivina fa i Haja no nahazo ny andiany 2010 sy 2011. Tafiditra lah-3 Rakotomalala Jean de la Croix, mpihazakazaky ny Crown Antsirabe (2.30.19). Sady fiadiana ny tompondakan'i Madagasikara rahateo moa ity fifaninanana ity ka izy roa lahy fah-2 sy fah-3 ireo izany no tompondaka sy tompondaka lefitra ary lah-3 i Zafianaka avy amin'ny Cospn Boeny (2.32.32).



*Lah-2 tamin'ny Marathon Inter i Haja, fa tompondakan'i Madagasikara*

Tompondaka ho an'ny vehivavy kosa Ramanatenasoa Marinah avy amin'ny Cnaps (3.21.27) rehefa tsy nandray anjara ilay sangany Rasoarizay Clarisse. Tafiditra lah-2 Ratianasoa Landinirina mpihazakazaky ny Cospn (3.27.39 ary fah-3 Razafimahatratra Elysee (3.33-20).

Mikasika ireo vokatra hafa, nahazo ny "Foullees de Tana" nirefy 5km Randimbisolo Jean William ho an'ny lehilahy ary Jaoriziky Sandrina ny vehivavy. Nandrombaka ny "handirun" kosa Rakotomahefa Jean Claude ny lehilahy ary Rakotoniaina Lovasoa ny vehivavy. Nahatratra 160 moa ireo nifaninanana tamin'ny marathon, 418 ireo nanao ny "Foulees" ary 27 ny "handirun". Marihina fa io fifaninanana io no nijerena ireo handrafitra ny ekipam-pirenena hiatrika ny Lalaon'ny Nosy 2015 any la Reunion ka ireo laharana telo voalohany aloha no hantsoina.

**Rasanda Serge**